# “Ho lazain’I Allah Ilay Tsitoha amin’ireo mponin’ny afobe izay mahazo sazy kely indrindra amin'ny andro farany hoe : Raha fananana o daholo ny eny an-tany, moa havotanao amin’izany ve ny tenanao? dia hoy izy : Eny

Tatitra azo avy amin'i Anas (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Ho lazain’I Allah Ilay Tsitoha amin’ireo mponin’ny afobe izay mahazo sazy kely indrindra amin'ny andro farany hoe : Raha fanananao daholo ny eny an-tany, moa havotanao amin’izany ve ny tenanao? dia hoy izy : Eny, hoy I Allah : Naniry zavatra mora kokoa noho izany ho anao Aho, taminy anao mbola tao anatin’ny lamosin’i Adama: mba tsy hampitambatra fanompoana Ahy amin'ny zavatra hafa, nefa tsy nanaiky ianao afa-tsy ny fampitambarana ny fanompoana Ahy".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Milaza ny Mpaminany (S.A.W) fa tompo Allah miteny amin'ireo olona izay mahazo sazy kely indrindra ao amin'ny afobe rehefa tafiditra ao aminy manao hoe : Raha manana an'izao tontolo izao sy izay rehetra eo aminy ianao dia ho foinao omena ho fanavotana anao amin'ity sazy ity ve izany? Dia hiteny izy hoe : Eny, Koa hoy Allah : Nila anao sy nandidy anao Aho tamin’ny fomba tsotra kokoa noho izany, rehefa nifanaiky taminao Izaho fony ianao mbola tao an-damosin'i Adama hoe mba tsy hampitambatra fanompoana Ahy amin'ny hafa; dia nandà afa-tsy ny hanao izany ianao rehefa navoakako teny an-tany.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee